Article

# Les réalisations de 100 jours par le Ministère de l’Industrialisation et du Commerce

23 avril 2024




Projet ODOF (One District One Factory) : Transformation des produits des agriculteurs de base tels que les arachides, le soja, le manioc, les pommes de terre, le lait, le miel, les tomates, les pommes… en biens nécessaires à la vie quotidienne.

# ZAVA-BITA NANDRITRA NY 100 ANDRO MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA

100 ANDRO

## FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA 01

Tetikasa **ODOF (One District One Factory)** : Fanodinana ny vokatry ny tantsaha eny ifotony toy ny voanjo, soja, mangahazo, ovy, ronono, tantely, voatabia, paoma... ho entana ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro.

**55** Milina voatsinjara

**51** Distrika nisitraka

**21** Faritra efa nahazo

An'aliny ireo mahazo tombontsoa mivantana na ankolaka, anisan'izany ireo tantsaha mpamokatra ny akora fototra ho ahodina.

**Tanjona**


- Hampihenana ny fanafarana entana avy any ivelany
- Hampihenana ny vidin'entana ho tombontsoan'ny mpanjifa
- Hanatsarana ny fari-piainan'ny tantsaha
- Hanatsarana ny toe-karem-pirenena



## VAROTRA 02

Paikadin'ny fitondram-panjakana ny hialàna tsikelikely amin'ny fiankinan-doha amin'ny any ivelany :

- Tafidina hatrany amin'ny **2 500 Ar ny vidin'ny kilaon'ny vary gasy** ankehitriny. Midina toy izany koa ny vidin'ireo karazam-bary hafa. Fomba niatrehan'ny MIC ny maitso ahitra ny **fanangonana mivantana eny anivon'ny faritra mpamokatra ny vary vokatra eto an-toerana**. Niantohana, tamin'ny alalan'ny **SPM (State Procurement of Madagascar)**, ny fitsinjarana ny vary teny amin'ny mpanjifa any amin'ny faritra hafa mila izany.
- **Nihena tany amin'ny antsasany ny fanafarana vary** avy any ivelany satria raha **755 000 taonina** izany tamin'ny **2022** dia tsy nisy afa-tsy **424 000 taonina** tamin'ny **2023**.



Télécharger le PDF